

Torohay ho an'ny tanora mikasika ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara





Zo rehetra voatokana
Komitim-pankatoavana: ONG Tolotsoa

Ny fanontàna ity boky ity dia novatsian'ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Fampandrosoana nandritra ny fanatanterahana ny tetikasa GOUDMADA izay vatsian'ny Tahirim-bolan'ny firenena mikambana ho fanamafisan'orina ny fahandriam-pahalemana (UN PBF).

Io tetikasa io moa dia mikendry ny hanamafy ny fahatokisan'ny olompirenena ireo rafi-panjakana amin'ny alalan'ny fanohanana ireo rafitra iadiana amin'ny kolikoly sy ny fampitomboana ny sehatra ifanakalozana sy ahafahana mahafantatra.

FIZAHAN-TAKELAKA

TENY FAMPIDIRANA	4
I. INONA NO ATAO HOE KOLIKOLY	5
A. Famaritana	5
1. Ny kolikoly	5
B. Voka-dratsin'ny kolikoly	18
II. NY ADY ATAO AMIN'NY KOLIKOLY ETO MADAGASKARA	19
A. Ireo andinin-dalàna	19
B. Ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly (SNLCC).....	23
C. Ny rafitra iadiana amin'ny kolikoly.....	25
1. Ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI)	25
2. Ny birao mahaleotena iadiana amin'ny kolikoly (BIANCO)	27
3. Le Sampandrahahara malagasy iadiana amin'ny famotsiambola sy ny famotsiambola ny fampihorohoroana (SAMIFIN)	28
4. Tendro misahana ny ady amin'ny kolikoly (PAC)	30
5. Agence de recouvrement des avoirs illicites(ARAI)	31
D. Ireo mpisehatra tsy miankina amin'ny fanjakana ao anatin'ny ady amin'ny kolikoly	32
1. ONG Tolotsoa.....	32
2. Transparency International – Initiative Madagascar (TI-MG)	32
E. Ny tokony atao manoloana ny kolikoly	33
1. BIANCO	33
2. PAC.....	34
3. Fikambanan'ny fiarahanonim-pirenena sy ny haino vaky jery	35
III. KARAZANA FANENTANANA SY FANDRAISAN'ANDRAIKITRY NY TANORA AO ANATIN'NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY	36
A. Tambazotran'ny tanora mandala ny fahamarinana sy ny fahitsiana na RHI	36
1. Tanjona	36
2. Teny filamatra.....	36
3. Soatoavina	36
4. Rafitra RHI.....	37
5. Adidin'ny mpikambana RHI	37

B.	Karazana asa.....	38
C.	Fomba ny fananganana tetikasa	38
	1. Dingan'ny tetikasa	39
	2. Famolavolana ny tetikasa	39
	3. Ohatra lasitra lojika ana tetikasa	41
	4. Ny ahafantarana fa tsara ny tetikasa iray.....	41
IV.	TOVANA.....	43

TENY FAMPIDIRANA

Ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena eny ifotony no ambara fa antony iray lehibe iankinan'ny fahombiazan'ny Paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly eto Madagasikara. Noho izany, ny ady amin'ny kolikoly dia andraikitry ny rehetra. Mifototra amin'ny fifampitokisana, fanohanana'ny vahoaka ary indrindra fandraisana anjara sy fanoloran-tenan'ny mpisehatra rehetra, anisan'izany ny olom-pirenena, ny fiarahanonimpirenena, ny sehatra tsy miankina ary ny haino vaky jery. Ny andrasana amin'ireo mpisehatra ireo dia ny hijoroany hatrany mba hampiroboroboana ny fahitsiana eo amin'ny fiarahanonina sy ny fianam-pirenena. Anjarany ihany koa ny miroso lalindalina kokoa amin'ny sehatra misy azy avy: fandavana sy fitorohana kolikoly, fitakiana ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra amin'ny mpitondra.

Ity torohay ity dia novolavolaina hanamorana ny fandraisana'ny olompirenena anjara amin'ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara sy mandray anjara amin'ireo teboka 2-4 sy 3-7 ao amin'ny SNLCC 2015-2025 izay toy izao manaraka izao avy :

- Fanabeazana sy fampahafantarana ary fampandraisana anjara ny olompirenena ;
- Fanetsehana ny fiaraha-monina hiady amin'ny kolikoly: fepetram-pahombiazan'ny ady.

Ity torohay ity dia fivondronan'ireo antontan-kevitra izay tokony hananan'ny olompirenena tsirairay mba ahafantarany ny nadinindininy amin'ny ady atao amin'ny kolikoly sy ny maha-zava-dehibe izany. Resy lahatra izahay fa izay voarakitra ato anatin'ity torohay ity, miampy ny fikarohana manokana izay mety ho ataon'ireo tanora dia hanampy azy ireo ho tonga olompirenana mandala ny fahitsiana sy mandray andraikitra ka hampandresy an'i Madagasikara amin'ny ady izay ataony amin'ny kolikoly.

I. INONA NO ATAO HOE KOLIKOLY

A. Famaritana

Amin'ny ankapobeny, ny atao hoe kolikoly dia izay rehetra mifandraika amina **fampiasana fahefana na toerana ho an'ny tombontsoa manokana**. Noho izany dia atao hoe manao kolikoly ny olona iray raha toa ka manana fahefana eo ampelatanany ary misafidy ny ampiasa izany hahazoana vola na tombotsoa hafa ho azy manokana. Na izany aza anefa, tsy misy famaritana tokana na mitovy iraisan'izao tontolo izao mahakasika ny kolikoly, satria izany dia miovaova sy mifototra amin'ny tantara sy politika ary kolontsaina misy amin'ny firenena iray.

1. Ny kolikoly

Misy fomba fijery samihafa azo andikana ny atao hoe kolikoly:

- **Ara-piforonana**, ny teny hoe « manao kolikoly » dia avy amin'ny teny latinina hoe « *corrumper* », izay midika hoe manimba (ara-batana na ara-tsaina), mamotika. Raha io fijery io no raisina dia miresaka indrindraindrindra ny fahaverezan'ny fahamendrehana sy ny soatoavina ara-moraly, ka mifamatotra tanteraka amin'ireo fenitra sy soatoavin'ny olona iray na fiaraha-monina iray. Noho izany dia miovaova ny fandraisana ny atao hoe kolikoly arakarak'izay neverina ho « tsara » na « ratsy » amina toerena iray. Ohatra, efa fahita any amin'ny tany maro ny manolotra « fanomezana » ho an'ny tompon'andraiki-panjakana mba ho fisaorana azy. Fomba fanao izay adikan'ny firenena hafa ho kolikoly.
- **Araka ny lalàna**, ireo heloka voafaritry ny fehezan-dalàna famaizan'ny firenena iray ho kolikoly ihany no azo enjehina eo anatrehan'ny fitsarana. Ny heloka toy ny fanararaotam-pahefana, fanaovana hosoka, fanomezana tsy ara-dalàna ohatra dia faritan'ny lalàna. Mety misy anefa tranga hafa izay voasokajy ho kolikoly ihany fa nohon'ny fahasarotana na tsy fahafenoan'ny famaritan'azy ao anaty lalàna, dia mety tsy ho tonga manoloana ny fitsarana mihtisy.
- **Ara-pitantanana firenena**, dia ny faharefoan'ny andrim-panjakana sy ireo rafitra misy ao amin'ny firenena iray no ifotoran'ny famaritana ny atao hoe kolikoly. Ity fomba fijery ity dia milaza fa ny kolikoly dia ny tsy fahatomombanan'ny fitantanana, indrindra ny tsy fision'ny tamberin'andraikitra, ny fangaraharana sy ny fahitsiana, ary koa ny fision'ny ampihimamba na koa goragora eo amin'ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra.

Misy ireo famaritana sasany milaza fa ny sehatra miankina amin'ny fanjakana ihany no voakasiky ny kolikoly. Fa eo ihany koa ireo hafa manohana fa hatramin'ny sehatra tsy miankina dia ahitana kolikoly. .

2. Endriky ny kolikoly

Olona roa farafahakeliny no tafiditra amina trangana kolikoly iray.

Ny iharan'ny **kolikoly** dia izay manaiky hanome na handray « mandray » vola, na tambiny hafa ho takalon'ny fanatanterahana asa iray. Ny mpanao kolikoly dia izay manao fanambazana na fitakiana vola na tambiny hafa ho takalon'ny fanatanterahana asa iray. . Araka ireo famaritana ireo dia ny fisiana fitakiana mialoha no mamaritra ny toerana misy ny tsirairay.



Sary 1 : *mpiasam-panjakana mitaky*



Sary 2: *mpiasam-panjaka tolorana*

Endrika kolikoly ihany koa ny tsy fanaovan'ny mpiasam-panjakana ny asany izay anakaramana azy amin'ny volam-bahoaka. Ohatra: Ny tsy fahatongavana mpampianatra mpiasam-panjakana mampianatra amin'ny ora voatondro ampianarany nefo tsy misy antony mazava.

Azo sokajiana ho misy ambaratongany ny sehatra hitrangan'ny kolikoly: eo amin'ny fiainana andavanandro sy eo amin'ny fianam-pirenena.

Ny kolikoly eo amin'ny fiainana andavanandro dia ireny fandoavana tsolotra sy tia kely hitantsika eny anivon'ny fiarahamoninana ireny ka zary fomba amam-panao mahazatra. Io endrika kolikoly io dia matetika hita betsaka ao amin'ireo firenena andalam-pandroaosana sy mahantra toa an'i Madagasikara. Manampy trotraka amin'ny fahasahiranan'ny olona ny kolikoly amin'ny fiainana andavanandro satria, na dia atao hoe mety ho kely aza ny vola aloa amin'izany, dia mavesatra sy mampitondra takaitra indrindra ho an'ireo sokajn'olona mahantra sy marefo izay mizaka izany isan'andro. Raha ny antontan'isa farany dia efa ho 80% ny mponina eto Madagasikara no miaina ao anaty fahantrana lalina

Ny kolikoly eo amin'ny fiainam-pirenena indray kosa, amin'ny ankapobeny, dia ireo hifanaovan'ny samy tompon'andraikim-panjakana na tompona'andraikim-panjakana sy mpandraharaha na orinasa. Io endrika kolikoly io dia manohintoina ny fandrosoana satria ny fampidirana sy famoaham-bola avy ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana izay mitahiry ny volam-bahoaka no voakasina. Rehefa io endrika kolikoly io no mitranga dia matetika misy fampandeferana na fanafoizana ny tombotsoan'ny maro an'isa na ny daholobe mba ho tombotsoan'olom-bitsy na vondron'olona

Ireto avy ireo endrika kolikoly tena hita matetika :

Endrika	Fanazavana
 <p>A man in a suit sits at a desk with stacks of money, thinking about a bribe.</p> <p>ATAOKO AMIN'NY KAONTIKO NY AMPAHANY AMIN'IRETO VOLAM-PANJAKANA IRETO...!</p>	<p>Fanodikodinana vola sy fananam-panjakana</p> <p>Fanodikodinana, fandravàna, fanariana na fanesorana fananam-panjakana izay ataon'ireo tomponandraiki-panjakana voatendry na voafidy misahana mivantana ny raharaha mikasika ny teti-bola sy ny fikirakirana volam-panjakana.</p> <p>Andininy 169 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
 <p>A hand signs a document labeled "FAKTIORA".</p> <p>OVAIKO LAFOBÉ NY SORA-BOLA ATO ANATY FAKTIORA, MBA HAHAFAHAKO MAKÀ AMBONY AMPANGA ...!!</p>	<p>Fanodikodinana volam-panjakana amin'ny alala'ny Fampiasana taratasy hosoka</p> <p>Fanaovana hosoka mikasika ny fanoratana sora-bola amin'ny tetibola na fampiasana sonia hosoka ataon'ny tomponandraiki-panjakana voatendry navoafidy misahana mivantana ny raharha momba ny teti-bola syfikirakirana volam-panjakana.</p>
 <p>A car has crashed into a tree, with two people inside. They are discussing the accident.</p> <p>TENA RATSY BE ANIE ZANY LALANA ZANY TALE E !! SADY BE LOATRA ILAY BIRIKY...!</p> <p>TSY MISY HANDOVA FIARA-PANJAKANA LETSY AI TSY MAINTSY MBA ARARAOINA KELY REHEFA EO AMIN'NY TOERANA NY TENA !!</p>	<p>Fanodinkodinana fampiasana ny fananam-panjakana</p> <p>Fanodinana na fanaovana ny fampiasana ny fananam-panjakana izay napetraka ampiasain'ny olom-panjakana voafidy na voatendry iray</p> <p>Andininy 169 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>

Formes	Descriptions
	<p>Fanodikodinana fananam-panjakana ataon'ny mpitandro ny filaminana</p> <p>Fanodikodinana na fakàna vola, kojakoja, fitaovalam-piadina, bala, entana na fananam-panjakana samihafa ataon'ny miaramila na mpitandro ny filaminana</p> <p>.</p> <p>And 169.1 ; And 171 sy And 172 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
	<p>Fakam-bola tsy ara-dalàna</p> <p>Fitakiana na fandraisanan'ny tomponandraikim-panjakana sy mpitambolam-panjakana vola ho sarany, na hetra, na tambi-karama, izay fantany fa tsy tokony haloa na mihotra ny tokony haloa.</p> <p>And. 174 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
	<p>Fakam-bola tsy ara dalàna ataon'ny mpirakidrahaharan'ny fitsarana</p> <p>Fitakiana na fandraisan'ny mpirakidrahahara vola ho sarany, na hetra na tambikarama, izay fantany fa tsy tokony haloa</p> <p>And 174.2 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>

Formes	Descriptions
	<p>Fakana tombotsoa tsy voamarina</p> <p>Fitehirizana na fakan' ny mpiasam-panjakana na tomponandraikim-panjakana voatendry na voafidy, tombotsoa manokana ao amin'ny orin'asa iandraiketany na niandraiketany asa fanaraha-maso, na fitantanana, na famaranan-trosa ara-pitsarana ao anatin'ny roa taona nitsaharany tamin'izany asany izany</p> <p><i>And 183.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</i></p>
	<p>Fanomezana alalana anton'ny tompon'andraikitra tsy manana zo sy fahefana hanao izany.</p> <p>Fanodikodinana, fandravàna, fanariana na fanesorana fanànana na volam-panjakana izay ataon'ireo tomponandraikim-panjkana tsy manana zo sy fahefana hanao izany mivantana</p> <p><i>And 179.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</i></p>
	<p>Fanodikodinana fananan'olon-tsotra</p> <p>Fampihenana, fanodinkodinana, faimbana na fanafoanana ao anatin'ny seha-pihariana ara toekarena, ara-bola na ara-barotra, ny fanànana, ny vola na sanda o an'ny olon-tsotra na sanda ho an'ny orinasa iray ao amin'ny sehatr'asa sy miankina amin'ny fanjakana.</p> <p><i>And 173 (vaovao) ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</i></p>

Formes	Description
	<p>Fanaovana asa voarara</p> <p>Fisahanan'ny mpiasam-panjakana, tompon'andraiki-panjakana, andraikitra eo anivon'ny orin'asa tsy miankina iray, izay hanaovany asa fisafona na fanaraha-maso mivantana, ao anatin'ny fialan-tsasatrany na ao anatin'ny telo taona nitsaharany tamin'izany asa fisafona na fanaraha-maso izany</p> <p>And 175.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
	<p>Fanafahana sy famelan-ketra tsy ara-dalàna</p> <p>Fanomezanan'ny olona nametrahana fahefam-panjakana fahafahana sy famelàna tsy ara-dalàna handoa vola ho sarany, na hetra na habam-panjakana, na famoahana maimaim-poana ny vokatra avy amin'ny antokon-draharaham-panjakana.</p> <p>And 174.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
	<p>Fanomezana tombondahiny tsy ara-dalàna</p> <p>Fanomezana na fikasana hanome tombotsoa tsy voamarina na mifanohitra amin'ny lalana sy ny fitsipika miaro ny fitovian-jo amin'ny fifaninanana eo amin'ny tsenan'asam-panjakana, ny famindrana ny fitantanana ny raharaham panjakana, amin'ny fidirana eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana ary eo amin'ny fanjifana ny asa eny anivon'nysampah-draharaham-panjakana rehetra</p> <p>And 175.2 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>

Formes	Description
	<p>Varotra tsy mifanaraka amin'ny kalitao izay ataon'ny kaomandin'ny vondron'ny tafi-panjakana na miaramlila, na ataon'ny Varotra tsy mifanarana amin'ny asa sy andraikitra</p> <p>Fanaovan'ireo tomponandraikitra mifehy ny herim-panjakana sivily na miaramila asambarotra anatin'ny faritra iadidiany, toy ny entana ilain'ny olona amin'ny andavanandro, na divay na zava-pisotro, ankoatr'ireo izay avy amin'ny fananany manokana</p> <p><i>And 176 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</i></p>
	<p>Kolikoly mandray</p> <p>Fitakiana na fangatahana na fankatoavana fanomezana na tombotsoa tsy ara-dalàna ataon'ny mpiasa na tomponandraikimpanjakana voatendry na voafidy mba hanatontosana na tsia asa mifanandrify amin'ny andraikitra sahaniny</p> <p><i>And 177.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</i></p>
	<p>Kolikoly manome</p> <p>Fanomezana na fampanantenana toltra na tombotsoa tsy ara-dalána ataon'ny olona amin'ny tomponandraiki-panjakana voatendry na voafidy mbahanatontosan'ity farany na tsia asa mifanandrify amin'ny andraikitra sahaniny</p> <p><i>And 177.2 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</i></p>

Formes	Description
	<p>Kolikoly manome atao amin'ny tompon'andraiki-panjakana vahiny na mpiasa anivon'ny fikambanana iraisam-pirenena</p> <p>Fanomezana na fampanantenana tolotra na tombotsoa tsy ara-dalàna ataon'ny olona amin'ny tompon'andraiki-panjakana miasa ho an'ny firenena vahiny na mpiasa anivon'ny fikambanana iraisam-pirenena mba hanatontosan ireto farany na tsia ny asa izay tokony hataony amin'ny andraikiny ofisialy, mba hahazoana tombotsoa manokana</p> <p>And 177.2 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
	<p>Kolikoly ataon'ny mpitantana, tompona petra-bola, mpiasa anivon'ny orinasa tsy miankina amin'ny fanjakana sy ireo olona manao asa mahaleo-tena</p> <p>Fangatahana na fandraisana na fankatoavana fampanantenana tolotra na fanomezana tombotsoa tsy ara-dalàna ataon'ny mpitantana, tompona petra-bola, mpiasa anivon'ny orin'asa tsy miankina amin'ny fanjakana sy ireo olona manao asa mahaleo-tena mba hanatontosana na tsia asa mifanandrify amin'ny andraikitra sahaniny</p> <p>And 178 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
	<p>Fanararaotana fahafantarana olona</p> <p>angatahana na fampanantenana tombotsoa ataon'ny olona iray manararaotra ny toerana tazoniny eo amin'ny fiaraha-monina mba ahazoany tombotsoa manokana amin'ny alalan'ny fampiasana izany toerany izany hanindrina sy hanangolena manampahefana na tomponandraikim-panjakana iray</p> <p>And 179 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>

Formes	Description
 <p>NGAH MOA TSY TOKONY EFA AVERINA ITY FIARAM-PANJAKANA ITY? TSY EFA DILA VE NY, TELO VOLANA ARAKA NY LALANA ...?!</p> <p>AZA MIKORAPAKA ISE E !!</p>	<p>Fanararaotana amin'ny fisahanan'asa noho ny tsy famerenana fitaovam-panjakana</p> <p>Fanararaotana atao'nny mpiasa na tomponandraikim-panjakana voatendry na voafidy efa nitsahatra na natsahatra tamin'ny andraikiny na ny asany fa mbola mitahiry ireo fitaovana nanikina taminy noho izay andraikiny izay,</p> <p>And 179.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
 <p>RAISIKO HO MPIASAM- PANJAKANA TSY MANDALO SIVANA IANAO RAHA MIFANARAKA ISIKA ...!!</p> <p>GUILI-GUILI !!</p> <p>IALAO FA TSY MILAMINA 'TY...!!'</p>	<p>Fanararaotana amin'ny fisahanana asa</p> <p>Fanararaotana atao'nny mpiasa, tomponandraikim-panjakana voatendry na voafidy, araka ny asa sahaniny na ny toerana misy azy, hanaovana asa mifanohitra amin'ny lalåna amam-pitsipika mba hahazoan'ny tenany na olon-kafa, na vondrona, tombotsoa tsy tokony ho azo</p> <p>And 175.2 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
 <p>AZA ASIANA AN'IZANY AFFICHAGE SY BADGE ZANY ATO FA TSISY HANAOVANA AN'ILAY FANDEHANY E!!</p> <p>BIANCO FOMBA FIAFA MANGARAHARA</p>	<p>Fanararaotana amin'ny fisahanan'asa noho ny tsy fampiharana ny fepetra momba ny ady amin'ny kolikoly</p> <p>Fanararaotana atao'nny mpiasa na tomponandraikim-panjakana izay voatendry hampihatra ireo fepetra voalazan'ny lalana amam-pitsipika entina miady amin'ny kolikoly isan-tsehatra ka tsy manatanteraka izany</p> <p>And 179.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>

Formes	Description
 <p>F'INONA 'TY ATAONAO RANERA A ?! NY ZANAKAO ISAN'NY NANAOFANADINANA! FANTATRAO TSARA FA TOKONY NITENY TAMIKO IANAO, MBA HAHAFAHAKO NANALA ANAO TSY HO ISAN'NY MPITSARA IZAO FANADINANA IZAO...!!</p> <p>TENA TRATRA 'TY MARINA...!</p>	<p>Fifanolanan'ny tombotsoa manokana amin'ny asa sahanina</p> <p>Ny tsy fisitahana amin'ny fikarakarana asampanjakana misy fifanolanan'ny tombotsoa manokana amin'ny asa sy ny tsy fanambaran'ny mpiasam-panjakana na tompon'andraiki-panjakana voatendry na voafidy mialoha, amin'ny ambaratongam pahefana misy azy, ny fisian'ny fifanolanana mahakasika ny tombotsoa manokana izay mifanitsaka amin'ny tombotsoan'ny daholobe ka mety hisy fiantraikany amin'ny fanatanterahana ny asany</p> <p><i>And 182 ao amin'ny</i></p>
	<p>Fanomezana tsy ara-dalàna</p> <p>Ny faneken'ny mpiasam-panjakana na tomponandraikim-panjakana voatendry na voafidy fanomezana tombotsoa tsy tokony ho azony ka mety nampisy na hampisy fiantraikany amin'ny fanapahan-kevitra mifandraika amin'ny asany</p> <p><i>And 183 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</i></p>
	<p>Fitomboan-karena mihoapapana</p> <p>Tsy fahafahan'ny mpiasam-panjakana na tomponandraiki-panjakana voatendry na voafidy, manamarina amin'ny fomba aradalàna ny fitomboana mihoampampana ny fananany raha oharina amin'ny fidirambolany. Iharan'ny lalàna ihany koa ny mpitantana na mpitazona na koa izay olona manana andraikitra amin'izany fananana tsy ara-dalàna izany.</p> <p><i>And 183.1. ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</i></p>

Formes	Description
	<p>Tsy fanaovana fanambaram-panana Tsy fanaovan'ireo tomponandraiki-panjakana voatendry na voafidy, izay voatondron'ny lalàna hanao izany, aorinan'ny 02 volana nandefasan'ny BIANCO fampatsiahivana ny fanambaram-pananana izay toky hataony na fanaovana fanambaràna tsy feno na diso</p> <p>And 183.2 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
	<p>Fanaova fitorohana tsy mitombina Fanaovana fitorohona amin'ny tranga izay tsy nisy na tranga izay efa fantatra mazava fa tsy endrika fandikan-dalàna kolikoly na koa tranga efa fantatra mazava fa tsy ilay tondroina no nanao izany</p> <p>And 373.1 ao ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana</p>
	<p>Ireo valibontana na antsojay atao amin'ny vavolombelona mpitory, mpiasam-panjakana miandraikitra ny fampiharana ny lalàna amin'ny ady amin'ny kolikoly Fanaovana valibontana na antsonjay na terity amin'ireo olona nijoro ho vavolombelona, na mpitory trangana kolikoly, na ireo manampahaizana manokana na mpiasam-panjakana miandraikitra ny fampiharana ny lalàna amin'ny ady amin'ny kolikoly</p> <p>And 373.1, 374 sy 375 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana malagasy</p>

Formes	Description
	<p>Ny famoahana tsiambaratelo mombamomba ny vavolombelona tsy mitonona anarana</p> <p>Famoahana ny mombamomba na adiresin'ireo vavolombelona misitraka ny fepetra fiarovana ny vavolombelona tsy mitonona anarana izay voalazan'ny lalàna</p> <p><i>And 385 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana malagasy</i></p>
	<p>Ny amin'ny fanararaotana ny fanànan'orinasa tsy miankina</p> <p>Ireo mpitantana sy mpiasa anivon'ny orinasa tsy miankina rehetra izay mampiasa ankaratsim-panahy ny fanànan'ny orinasa ho amin'ny antony mifanohitra tanteraka amin'ny tombotsoan'izany orinasa izany.</p> <p><i>And 37 amin'ny lalàna momba ny ady amin'ny kolikoly, And 931 sy 942 ao amin'ny lalàna faha 2003-036 t@ 30 janoary 2004 mahakasika ny orinasa</i></p>
	<p>Ny famborahana tsiambaratelo</p> <p>Ny famborahana manontolo na amin'ny ambahany ny tsiambaratelon' ny fampandehanana asa sy ny fanadihadian'ny BIANCO. Azo henjehina avokoa na ny mpiasan'ny Bianco, na ireo mpiasa teo aloha na koa ireo olon-tsotra izay manao izany famborahana tsiambaratelo izany</p> <p><i>And 55 ao amin'ny lalàna momba ny ady amin'ny kolikoly</i></p>
	<p>Ny sakatsakana amin'ny fanadihadiana ataon'ny BIANCO</p> <p>Ireo fandavana sy sakantsakana atao amin'ny fahefam-panadihadian'ny Tale Jeneralin'ny BIANCO araky ny lalana na ny fanaovana sy fampiasana hosoka amin'ny taratasy ampiarahina amin'ny atontan-taratasin'ady.</p> <p><i>And 50 ; Lalàna 2016-020</i></p>

B. Voka-dratsin'ny kolikoly

Ny tranga kolikoly rehetra,, dia mifanolana amin'ny tombontsoa iombonana ka tsy mahasoa ny firenena. Na eo amin'ny sehatr'asam-panjakana na eo amin'ny sehatra tsy miankina, ny fanaovana kolikoly dia fivadihana na amin'ny iraka fanompoambahoaka izay an'ny fanjakana na amin'ny antom-pisian'ny orinasa na rafitra tsy miankina izay voarakitra anatin'ny sata mifehy azy.

Tsy mijanona eo amin'ny lafin'ny ara-bola sy ara-toekarena ihany ny fiantraikan'ny kolikoly fa mipaka hatrany amin'ny fisitrahany rehetra ny zo fototra amin'ny maha olona. Ny fahatanterahan'ny zon'olombelona tsirairay dia miankina amin'ny sampan-draharaham-panjakana sy/na tsy miankina iray na maromaro. Noho izany, rehefa misy trangana kolikoly dia miteraka fanosihosena ny zoan'ireo olona na vondron'olona mizaka ny vokan'izany. Izany no mitranga ohatra rehefa misy kolikoly eo amin'ny sehatry ny fampianarana na fahasalamana na fitaterana. Tsy zoviana intsony fa ny kolikoly dia mampananosarotra ny fisitrahany olona tolotra ara-dalàna indrindra ho an'ireo olona marefo Ny kolikoly dia sakana ho amin'ny fampandrosoana no mahakely ny fanantenana hahazoan'ny sarambabembahoaka ho avy tsaratsara kokoa.

II. NY ADY ATAO AMIN'NY KOLIKOLY ETO MADAGASIKARA

A. Ireo andinin-dalàna

Fifanarahana iraisam-pirenena nekena	
Fifanaranan'ny Fikambana Iraisam-pirenena miady amin'ny kolikoly (UNCAC)	<p>Ity fifanarahana ity dia maneho ny finiavan'ny firenena mikambana hiady amin'ny kolikoly maneran-tany. Feno dia feno tokoa raha ity fifanarahana ity saria anoatra ny resaka kolikoly dia miresaka ihany koa heloka ara-toekarena sy famotsiam-bola ary ny tambazotra mpanao izany. Tamin'ny fivoriana natao tao « Merida,Mexique » tamin'ny 09 desambra 2003, Firenena 189 ankehitriny no mivondrona ao anatin'io fifanarahana io. Manome vahana ny fiaraha-miasan'ny samy firenena amin'ny ady amin'ny kolikoly ity fifanarahana ity</p> <p>https://www.unodc.org/res/ji/import/international_standards/united_nation_s_convention_against_corruption/uncac_french.pdf</p>
Ny fifanaranan'ny vondrona Afrikanina ho fisorohana sy iadiana amin'ny kolikoly (AUCPCC)	<p>Ny fifanaranan'ny vondrona Afrikanina ho fisorohana sy iadiana amin'ny kolikoly dia lany tamin'ny 11 jolay 2003, nandritra ny fivoriana ara-potoana faha-2 an'ny fivoriambe ny vondrona Afrikanina tany Maputo Mozambika</p> <p>https://au.int/sites/default/files/treaties/36382-treaty-0028_-_african_union_convention_on_preventing_and_combating_corruption_f.pdf</p>
Lalàna sy fitsipika nasionaly	
Lalàna 2016-020 t@ 5 aogositra 2016 momba ny ady amin'ny kolikoly	<p>Ity lalàna ity dia mifameno amin'ny fehezan-dalàna famaizana amin'ny fanomezana famaritana ireo endrika kolikoly samihafa, ny resaka fifanolanana andraikitra ary ny fametrahana politika fisorohana isan-tsehatra. Mikendry ny hametraka paikadimpirenena mahomby amin'ny alalan'ny fanavaozana sy fanamafisana ny rafitra miady amin'ny kolikoly sy ny lalàna mifehy azy ireo</p> <p>http://www.csi.gov.mg/loi-n2016-020-sur-la-lutte-contre-la-corruption/</p>

<p>Lalàna mifehy ny ady amin'ny famotsiam-bola</p>	<p>Na dia lalàna mijery mahakasika manokana ny famotsiam-bola aza izy io dia azo lazaina hoe mivelatra ihany. Raha teo aloha, voarara ny fandoavana lelavola mihoatra ny 10 tapitrisa ariary ho an'ny olontsotra ary 50 tapitrisa ariary ho an'ny orinasa na fikamabana na andrim-panjakana. Ankehitriny izany dia azo atao saingy mila mametraka fepetra fahamalinana sy fitandremana ireo banky na rafitra hafa manao ny fandoavam-bola. . Hentitra ity lalàna ity amin'ny resaka harena azo avy amin'ny tsy ara-dalàana sy tsy aradrariny. Mikendry ihany koa izy ny hanatsara ny tontolon'ny fandraharahana ary mametraka mazava ireo fepetra tsy maintsy atao hisorohana ny famotsiam-bola</p> <p>http://www.samifin.mg/sites/default/files/loi2018-043.pdf</p>
<p>Didim-panjakana laharana 2006-207</p> <p>Didim-panjakana laharana faha 2016-034 tamin'ny 20 Janoary 2016</p>	<p>Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI)</p> <p>Ity didim-panjakana ity dia mametraka ny CSI sady mamaritra ny iraka ataony sy ny fomba fiasany. Voafaritra ao koa ny firafitry ny komity sy ny fomba fanendrena ny mpikambana ao aminy.</p> <p>http://www.csi.gov.mg/wp-content/uploads/2020/10/decret_CSI.pdf</p> <p>Io didim-panjakana io dia manova ny andinindinin'ilay didim-panjakana tamin'ny taona 2006 nananganana ny CSI. Isan'ireo fanovana entiny :</p> <ul style="list-style-type: none"> -ny fanitarana ny "système nationale d'intégrité" -ny fanamafisana ny andraikitry ny komity amin'ny fandrindrana sy fanaraha-maso ary fanombanana ireo rafitra miady amin'ny kolikoly sy ny fametrahana ny politikam-pirenena ho an'ny fanjakana tsara tantana "PNBG". <p>Isan'ny fanavaozana ihany koa ny fametrahana tonia mpanatanteraka ho an'ny komity.</p> <p>https://bianco-mg.org/wp-content/uploads/2019/03/De%CC%81cret-2016-034.pdf</p>
<p>Didim-panjakana laharana faha-2004-937 tamin'ny 5 Oktobra 2004 manangana ny Birao mahaleo tena iadiana amin'ny kolikoly</p>	<p>Birao mahaleotena iadiana amin'ny kolikoly</p> <p>Ity didim-panjakana ity no nananganana ny BIANCO ary mamaritra ny rafitra sy ny fomba fiasany. Io ihany koa no iorenan'ny fahaleovantenan'ny BIANCO ary mametraka ny rafi-pitantanana ara-bola entiny miasa. http://www.justice.mg/wp-content/uploads/textes/1TEXTES%20NATIONAUX/DROIT%20PRIVE/Texes%20sur%20les%20societes/decrets/Decret%202004-937.pdf</p> <p>Isan'ny fanovana entin'ity didim-panjakana ity ny fametrahana rantsamangaika eny ifotony, fanatsarana ny fomba fitantanana ireo mpiasa ao aminy amin'ny alalan'ny fametrahana fitsipika anatiny</p>

<p>Didim-panjakana laharana faha-2008 – 176 tamin’ny 15 Febroary 2008</p> <p>Didim-panjakana laharana faha-2020-013 tamin’ny 15 janoary 2020</p>	<p>mifehy azy ireo. https://bianco-mg.org/wp-content/uploads/2020/02/D%C3%A9cret-n%C2%BD2020-013-du-15-janvier-2020-portant-restructuration-du-Bureau-Ind%C3%A9pendant-Anti-corruption-BIANCO.pdf 7</p> <p>Io didim-panjakana io dia manavao tanteraka ireo singa mandrafitra ny BIANCO sady manova ihany koa ny fomba fiasany. Mikendry ny ananan’ny BIANCO herijika vaovao sy anamafisana ny fahaleovantenany ny fanavaozana natao tamin’ny fomba fiasa. https://bianco-mg.org/wp-content/uploads/2020/02/D%C3%A9cret-n%C2%BD2020-013-du-15-janvier-2020-portant-restructuration-du-Bureau-Ind%C3%A9pendant-Anti-corruption-BIANCO.pdf 7</p>
<p>Lalàna 2018-043 mahakasika ny ady amin’ny famotsiam-bola sy ny famotsiam-bola ny fampihorohoroana.</p>	<p>Sampandraharaoha Malagasy Iadiana amin’ny Famotsiam-Bola sy famotsiam-bola ny fampihorohoroana (SAMIFIN)</p> <p>Ity lalàna ity dia mikendry ny hanamafy ny ady amin’ny famotsiam-bola sy famotsiam-bola ny fampihorohoroana. Ankoatra ny ady amin’ny kolikoly izay ataon’ny BIANCO, ny GAFI dia manome tolokevitra ho an’ireo firenena mikambana ao aminy mba hanitatra ny ady amin’ny sehatra ara-toekarena sy fandriampahalemana. Ny SAMIFIN no miandraikitra izay lafiny izay eto Madagasikara. Ity lalàna ity no mandrindra ny rafitra sy fomba fiasa entina manatanteraka izany. https://www.samifin.gov.mg/sites/default/files/loi2018-043.pdf</p>
<p>Lalàna 2016-021 tamin’ny 22 aogositra 2016, mikasika ny tendro misahana ny ady amin’ny kolikoly.</p> <p>Lalàna 2021-015 tamin’ny 02 aogositra 2021</p>	<p>Ny Tendro Misahana ny Ady amin’ny Kolikoly (PAC)</p> <p>Ny tendro misahana ny ady amin’ny kolikoly dia manolo ny “Chaines Pénales Economiques et Anti-Corruption” teo aloha izay rafipitsarana manokana napetraka hisahana ny heloka kolikoly rehetra eto Madagasiakara. Ny lalàna 2016-021 no nanangana azy ka mamatraka ny fahefany sy ny fomba fiasany. Araka izany, ny PAC dia manenjika sy mitsara ny heloka mahakasika ny kolikoly, famotsiam-bola miampy ireo heloka mifandraika amin’ny fampiasam-bola sy fandraharahana. Taty aoriania, ireo andraikitra sy fahefan’ny PAC dia nitondrana fanovana tamin’ny alalan’ny lalàna 2021-015.https://www.dcn-pac.mg/uploads/loi/2fe5ecf4fb5a0be3e40cd00002aea6c7.pdf</p> <p>https://www.dcn-pac.mg/uploads/loi/08b7ab3f8abf792e0e42cc424a583d58.pdf</p>

**Didy hitsivolana
laharana 2019-015
mifandraika amin'ny
famerenanaa ny
harena azo tamin'ny
tsy ara-dalàna sy tsy
ara-drariny. nekena
ny didim-panjakana
laharana 2021-960,
tamin'ny 29
septambra 2021
mikasaka ny
fananganana,
firafitra, fomba
fiasan'ny "ARAI"**

Agence de recouvrement des avoirs illicites (ARAI)

Ity didy hitsivolana ity dia mametraka ny atao hoe ARAI ka mamariparitra ny fomba fiasany sy ny fahefany, Anantin'izany ihany koa no iorenan'ny faheleovantena sy tsy fiandanian'io rafitra io eo ampanatanterahana ny asany. Ny didy hitsivolana 2019-015 sy ny didim-panjakana 2021-960 dia mamariparitra ny fahefana ananan'io rafitra io sy ireo fepetra fanaovana famerenana harena sy ny fanagiazana azy ireo. Takian'ny didy hitsivolana ihany koa ny fandraketana an-tsoraka ny fanagiazana rehetra izay ataony. .

<http://www.csi.gov.mg/ordonnance-n2019-015-relative-au-recouvrement-des-avoirs-illicites/>

B. Ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly (SNLCC)

Ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly 2015-2025 no ifotoran'ny ady amin'ny kolikoly izay atao eto Madagasikara. Ny vina anatin'izany dia ny hahatonga an'i Madagasikara ho tany tan-dalana afaka amin'ny gejan'ny kolikoky eo amin'ny sehatra rehetra : toekarena, sosialy, tontolo iainana mandrapahatonga ny taona 2025. Io paikady io dia mitsinjara ho :

- Tanjona stratejika telo (3).
- Sehatra iasana fito (7)
- Laharam-pahamehana sivy (9).
- Vondron'asa valo amby telopolo (38).

Manana lanja manokana ho an'ity paikady ity ny fanohanana'ny olompiренена ny ady atao amin'ny kolikoly. Napetraka ho fepetran'ny fahombiazan'ny paikady io fanohanana avy amin'ny olompiренена io. Ny tanjona stratejika faha-2 sy faha-3 no miresaka izany ary mivaky toy izao:

Tanjona stratejika faha-2: Fametrahana fepetra hisian'ny fandrosoana aratoekarena

Ny sehatra iasana dia: ny fisorohana, ny fanabeazana ary ny fiaraha-miasa.

Laharam-pahamehana enina (6) no tafiditra amin'io tanjona stratejika io : ny fitantanam-bolam-panjakana, ny harena voajanahary, ny fitsinjaram-pahefana, ny fanabeazana, ny fahasalamana ary ny fambolena

Sehatra iasana 3: "Fampihenana ny irika ahafana manao kolikoly".

Hoyerena manokana ny fametrahana fepetra fisorohana mialoha mba hiarovana ny kitapom-volam-panjakana sy ny harena voajanahary amin'ny fanararaotana: fanaovana fanambaram-pananana, lalàna sy fitsipika mifehy ny tsenambarom-panjakana, famoriana hetra sy haba sy fidiram-bola hafa an'ny fanjakana.

16. Mametraka fepetra fisorohana ampihena ny irika hisian'ny kolikoly
17. manampy ny mpisehatra rehetra tsy ho alaimpanahy hanao na hanaiky kolikoly . 18. manome vahana sy mitaiza ny olompiренена mba hitakiany tamberinandraikitra amin'ny fitantanana ny harem-pirenena.

Sehatra iasana 4: "Fanabeazana, fampahafantarana ary fampandraisana anjara ny olom-pirenena"

Ho atao vaindohandrahara ny fanomezana fahalalana sy fitaovana ampy sy mifaaraka amin'ny tokony ho izy ny olompirenena amin'ny alalan'ny hetsika fanabeazana, fanentanana ary serasera. Tafiditra anatin izany ny fanatanterahana fanadihadiana sy fikarohana, ny famokarana fitaovana entimanabe mifanaraka amin'ny sokajintaona rehetra. Famokarana fandaharana ho an'ny haino vaky jery.

19. Mamokatra antontankevitra azo itokisana manodidina ny trangana kolikoly, mba hanamora ny fandavan'ny olona azy.
20. Manaitra ny tompon'andraikitra sy manao adisisika.
21. Ampiroboroboana ny fitakiana ny mangarahara, ny tamberin'andraikitra, ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena amin'ny fampandrosoana.

Tanjona stratejika faha-3: Mametraka fepetra hipoiran'ny fitarihana ny firenena mifanaraka amin'ny vinan'ny paikadim-pirenena.

Ny sehatra iasana dia ny fanokanana tetibola ampy ho an'ny ady amin'ny kolikoly ary ny fandraisana anjara io mpisehatra tsy miankina amin'ny fanjakana ao anatin'izany, ho fahombiazan'ny ady amin'ny kolikoly.

Sehatra iasana 6: "Fampitomboana ny tetibola anatiny mirotsaka ho amin'ny ady amin'ny kolikoly" llaina ny hisian'ny fahavitantena sy fiandrianana amin'ny ady atao amin'ny kolikoly Ny finiavana politika dia hita taratratra amin'ny fahafahan'ny firenena mitondra entimanana hanatanterahana ny ady amin'ny kolikoly.

35. Omena tetibola ampy ireo rafitra sy fandaharan'asa iadiana amin'ny kolikoly ary omena fahaleovantena tanetraka izy amin'ny fampiasana izany.
36. Iarohana amin'ny fiarahamonimpirenena, ny sehatra tsy miankina ary ny haino vaky jery ny fanarahamaso ny fampiasam-bola ho an'ny fanatsarana ny fitantanana sy ny ady amin'ny kolikoly.

<p>Sehatra iasana 7: “Fanentanana ny fiarahamonina hiady amin’ny kolikoly, fepetra ny fahombiazan’ny ady amin’ny kolikoly”</p> <p>Hitarina ho an’ny mpisehatra rehetra ny ady amin’ny kolikoly ka ny olompirenena tsirairay na ny olompirenena izay mivondrona anaty fikambanana, amin’ny maha mpisehatra tsy miankina amin’ny fanjakana azy ireo dia manatevin-daharana ireo rafitra miady amin’ny kolikoly sy mandray anjara amin’ny fanentanana sy fanaraha-maso.</p>	<p>37. Entanina ny daholobe hanohana ny ady amin’ny kolikoly.</p> <p>38. Amporishina ny fiarahamonim-pirenena, ny sehatra tsy miankina ary ny haino aman-jery mba ho tompon-draharaha amin’ny fanatanterahana ny paikadim-pirenena.</p>
---	---

C. Ny rafitra iadiana amin’ny kolikoly

Ny atao hoe rafitra iadiana main’ny kolikoly dia ny fitambaran’ireo andrim-panjakana sy sampan-draharaha mandray anjara amin’ny fitarihana, fanatanterahana ary fanaraha-maso ny paikadim-pirenena SNLCC. Andrim-panjakana dimy (5) no mandrafitra izany eto Madagasikara: ny CSI, ny BIANCO, ny PAC, ny SAMIFIN ary ny ARAI.

1. Ny Komity Mitandro ny Fahitsiana na CSI



Hatramin’ny martsa 2006 dia ny Komity Mitandro ny Fahitsiana – CSI no sampan-draharaha miandrakitra ny famolavolana sy ny fitarihana ny paikady iadina amin’ny kolikoly eto Madagasikara. Fantatra tamin’ny anarana hoe Filankevitra Ambony momba ny ady amin’ny kolikoly – CSLCC izy teo aloha izay natsangana tamin’ny taona 2002.

Andraikitra :

Amin’izao fotoana izao dia ireto avy ny iraka sahanin’ny CSI:

- Miantoka ny fandrindrana sy ny fanaraha-maso ary ny fanombanana ny rafitra iadina amin’ny kolikoly;
- Manohana sy manolotsaina ny rafitra iadina amin’ny kolikoly;
- Mamoaka toohevitra sy soso-kevitra momba ny ady amin’ny kolikoly ho an’ny andrim-panjakana rehetra sy ho an’ireo vondrona miankina na tsy miankina amin’ny fanjakana
- Mampiroborobo ny Rafi-pirenena ho an’ny fahitsiana

- Miantoka ny fananan'ireo singa mandrafitra ny rafitra iadiana amin'ny kolikoly fahaleovantena eo amin'ny asany,

Mamolavola sy manatanteraka ny politikam-pirenena ho an'ny fanjakana tsara tantana –PNBG

Rafitra :

Ny komity dia ahitana mpikambana fito:

- Ny Filohany izay tendren'ny Filoham-pirenena amin'ny alalana didim-panjakana;
- Mpahay lalàna iray (1), tendren'ny Holafitry ny Mpisolovava;
- Mpanao gazety iray (1) tendren'ny Holafitry ny Mpanao gazety eto Madagasikara (OJM);
- Manamahay momba ny fitantanam-kaonty sy fitantanam-bola mbamin'ny mpitan-kaonty notoavina iray (1), tendren'ny Holafitry ny Manamahay momba ny fitantanam-kaonty sy fitantanam-bola mbamin'ny mpitan-kaonty notoavina eto Madagasikara;
- Mpandrahahara iray (1), tendren'ny Federasiona ivondronan'ny Antenimieran'ny Varotra, ny Industria sy ny Asa tanana ary ny Fambolena (FNCCIAA);
- Solontena iray (1) avy amin'ny fiarhamonim-pirenena, tendrena vovonana mahasolo tena ny fikambanan'ny fiarhamonim-pirenena;
- Ny Mediatoran'ny Repoblika.

Ny Komity dia manana rafitra maharitra eo ambany fiahiany. Io rafitra dia tarihin'ny Tonia Mpanatanteraka, izay mitovy lenta amina Sekretera Jeneralina Minisitera.

NI dia ahitana:

- Fitaleovan'ny stratejia;
- Fitaleovan'ny Serasera sy fifandraisana amin'ny any ivelany;
- Fitaleovan'ny fanaraha-maso sy fanombanana;
- Fitaleovan'ny fitantanana sy ny vola.

Ny Tonia Mpanatanteraka sy ireo Tale ireo dia tendren'ny filoham-pirenena amin'ny alalana didim-panjakana.

Asa :

Anatin'ny zava-bitan'ny komity tato ho ato ny fanatanterahana fikarohana telo nahafahana nanao ny:

- Famoahana ny politikam-pirenena ho an'ny fanjakana tsara tantana
- Fandrindrana ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly 2015-2025 amin'ny Politika ankabopen'ny Fanjakana sy ny "Plan Emergence de Madagascar" taorian'ny nanaovana ny fanombanana ny paikady tamin'ny taona 2020,
- Fandalinana ny maridrefy iraisam-pirenena mahakasika ny fitantanana sy ny kolikoly ary ny famoronana ny maridrefy nasionaly afaka maneho ny zava-misy eny ifotony.

2. Ny biao mahaleotena iadiana amin'ny kolikoly na BIANCO



Naorina tamin'ny taona 2004 ny biao mahaleotena iadiana ny ady amin'ny kolikoly – BIANCO taorian'ny nanasoniavan'i Madagasikara ny fifanarahan'ny Firenena Mikambana iadiana amin'ny kolikoly sy ny Ny fifanarahan'ny vondrona Afrikanina ho fisorohana sy iadiana amin'ny kolikoly. Ny BIANCO dia sampan-draharaha iray eo ambany fiahian'ny Fiadiana ny Repoblikan'i Madagasikara. Na izany aza, mahaleotena sy tsy miankin-doha izy amin'ny fitantanana sy ny fanatanterahana ny asany.

Andraikitra:

Ny biao mahaleotena iadina amin'ny kolikoly dia misahana ny fanatanterahana izay voarakitra ao amin'ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly. Izany dia ataony amin'ny fanaovana:

- Fanabeazana ny olom-pirenena momba ny voka-dratsy ateraky ny kolikoly sy ny fanentanana ny daholobe hiady amin'ny kolikoly;
- Fisorohana amin'ny alalan'ny famongorana ireo iraka mety hanaovana kolikoly eo amin'ny sehatr'asam-panjakana sy ny sehatra tsy miankina;
- Fanadihadiana ireo tranga izay ahiahiana ho nisy kolikoly, araka ny lalàna manankery.

Asa:

• Fanabeazana sy Fisorohana :

Ny BIANCO no lohalaharana amin'ny asa fanabeazana sy fisorohana mifandraika amin'ny ady amin'ny kolikoly. Ny fanabeazana ny tanora dia ataony amin'ny alalan'ny "Tambazotran'ny Tanora mandala ny Fahamarinana sy Fahitsiana" na RHI izay mikendry ny hamolavola ireo solofo sy dimby rahatrizay handeha am-pahamarinana sy handà ny kolikoly. Eo amin'ny sehatr'asam-panjakana sy ny sehatra tsy miankina, ny fisorohana dia atao amin'ny alalan'ny fananganana sy fampiroboroboana ny atao hoe "STAC na Structure Anti-corruption" eo anivon'ireo sampandraharaoha sy andrim-panjakana isan-tsokajiny mba hiainga avy ao anatin'ny ady atao amin'ny kolikoly.

- **Fitorohana :**

Ny BIANCO dia mandray ireo fitorohana tranga kolikoly avy amin'ny olona rehetra. Ireo fitorohana ataon'ny olona ireo no hanokafana fanadihadiana ka ny vokatr'ireo fanadihadiana ireo dia ampitainy any amin'ny fitsarana mahefa mba ho enjehina araky ny lalàna velona.

Rehefa feno ny fepetra takian'izany dia afaka ataon'ny BIANCO ny manokatra fanadihadiana avy hatrany tsy miandry fitorohana ataon'ny olona mahakasika raharaha iray. Izay no atao hoe antsoina hoe "Auto saisine".

Maro ny fomba fanaovana fitorohana eny anivon'ny BIANCO:

- Manantona mivantana ireo Fitaleovam-paritra izay hita eny amin'ny renivohiparitany enina (Antsiranana, Toamasina, Mahajanga, Antananarivo, Toliary, Fianarantsoa)
- Amin'ny alalan'ny fandefasana fitorohana an-taratasy
- Amin'ny i-toroka ao amin'ny tranokala <https://doleances.bianco-mg.org/#/>

3. Sampandrahara Malagasy Iadiana amin'ny Famotsiambola sy ny Famatsiambola ny Fampihorohoroana (SAMIFIN)



Ho fampiharan ny andininy faha-23 amin'ny lalàna 2018-043 tamin'ny 13 febroary 2019 momba ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola ny fampihorohoroana dia natsangana tamin'ny 18 jolay 2008 ny sampan-draharaham-pitsikilovana ara-bola malagasy izay antsoina hoe "SAMPANDRAHAHARAHA MALAGASY IADIANA AMIN'NY FAMOTSIAMBOLA SY NY FAMATSIAMBOLA NY FAMPIHOROHOROANA fantatra amin'ny hoe "SAMIFIN", .

Ny didim-panjakana laharana 2015-1036 tamin'ny 30 jona 2015 no mamestraka ny rafitra sy ny andraikitra ary ny fomba fiasan'ny SAMIFIN

Andraikitra:

- Fitarihana ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola ny fampihorohoroana eto Madagasikara;
- Fiantohana ny fandraisana, ny famakafakana ary ny fanapariahana ny antotan-kevitra ara-bola eto anatiny sy eo amin'ny sehatra sy any amin'ireo fahefana mahefa amin'ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola ny fampihorohoroana;
- Mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly mifanaraka amin'ny voalazan'ny lalàna laharana 2016-020 momba ny ady amin'ny kolikoly.

Ny SAMIFIN dia mahefa eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ary dia rafitra eo ambany fiahian'ny Fididian'ny Repoblikani Madagasikara. Ny SAMIFIN dia mahaleotena sy tsy miankin-doha izy amin'ny fitantanana sy ny fanatanterahana ny

asany. Manaraka ny fitsipi-pitantanam-bolam-panjakana izy ary ny fitsarana momba ny kaonty no manara-maso ny fampiasam-bola ataony.

Amin'ny maha-sampam-pitsikilovana ny SAMIFIN dia sampan-draharam-panjakana tsotra izy ka tsy manana fahefana hanokatra fanadihadiana sy hanao famotorana toa an'ny BIANCO na ny mpitandro filaminana.

Asa :

- Mandray, mamakafaka ary misahana ireo “DOS na déclaration d'opérations suspectes”.
- Manangona, mamakafaka ary misahana ny angom-baovao sy antontan-kevitra rehetra ahitana porofo mivaingana ny fisiana famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampihorohoroana.
- Mampiasa ireo angom-baovao sy antontan-kevitra mety ilaina rehetra, indrindra ireo nampitain'ny manampahefana mahefa ho famantarana ny irika, ny lalana ary ny fomba fanaovana famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampihorohoroana.
- Manome valiny ireo fangatahana angom-baovao mifandraika amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola fampihorohoroana voarainy avy amin'ireo fahefana mahefa, indrindra ireo mpanao fanadihadiana sy fanenjehana, ireo fahefana voatokana ary ireo sampan-draharaha mitovy aminy any ivelany.

Manaitra ny fampanoavana amin'ny fisiana tranga ahianaa ho famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampihorohoroana. Mamipita amin'ireo fahefana mahefa ny voka-panadihadiana mba ahafahana maka ny fepetra mifanandify.

- Manome tolo-kevitra ho an'ny governemanta isaky ny misy ny fangatahana voarainy mahakasika ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola ny fampihorohoroana

Asa :

Sampan-draharaha sy orinasa mpanao petra-bola sy fampisamboram-bola: Banky, Microfinance, Ivo-toerana fanakalozana vola vahiny, sns,...

- **Sampan-draharaha sy orinasa tsy afaka manao petra-bola sy fampisamboram-bola** : Tafiditra anatin'izany ireo mpisehatra rehetra izay mamokatra entana na tolotra tsy mifandraika amin'ny petra-bola sy fampisamboram-bola. Ireo no mandrafitra ny ankamaroan'ny seha-pihariana.
- **Sampan-draharaha sy orinasa tsy afaka manao petra-bola sy fampisamboram-bola voatondro**: Trano filokana, mpivarotra tany sy trano;mpanao volamena, mpanao vatosoa.
- **Sampand-rahraham-panjakana** : BIANCO, Foibem-pitantanana ny Fadintseranana, Foibem-pitantanana Hetra, CIM, Vaomieram-pirenena momba ny tsena, sns.

- **Sampan-draharaoha mpanao famotorana:** Polisim-pirenena, Zandarimariam-pirenena
- **Sampan-draharaoha vahiny rahavavy:** TRACFIN, FIU Maorisy, CIS, sns.
- **Rafi-pitsarana:** Rantsamangaikan'ny Minisiteran'ny Fitsarana, Tendro misahana ny ady amin'ny kolikoly - PAC.

Ny vokatry ny fanadihadiana ataon'ny SAMIFIN dia miraantontan-kevitra tsotra ary tsy afaka atao porofo manoloana ny fitsarana.

4. Tendro misahana ny ady amin'ny kolikoly na PAC



Ny tendro misahana ny ady amin'ny kolikoly dia rafi-pitsaràna natsangan'ny tlalàna 2016-021 tamin'ny 22 aogositra 2016 taorian'ny nandaniana ny paikadim-pirenena iadina amin'ny kolikoly 2015- 2025. Tamin'ny 21 septambra 2015 no nandaniana io lalàna io. Io rafi-pitsaràna no maka ny toeran'ny "Chaines Pénales Economiques et Anti-Corruption" teo aloha.

Singa fototry ny rafitra iadina amin'ny kolikoly ny PAC satria izy no manao ny fanenjehana sy fanasaziana ny kolikoly

Andraikitra :

Ny andraikitry ny PAC dia ny fanenjehana, fihainoana ary fitsaràna ireo raharaha rehetra mahakasika ny kolikoly sy ny famotsiam-bola ary ny famatsiam-bola ny fampirohoroana rehetra ary koa ireo fandikan-dalàna ara-toekarena sy ara-bola mifandraika amin'izany izay ifampizarany amin'ny rafi-pitsaràna tsotra.

Asa :

Ny fari-piadian'ny tendro misahana ny ady amin'ny kolikoly dia mifanaraka amin'izay voalazan'ny Toko II amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paik'ady heloka mahakasika ny fitsipika mandrindra ny fari-piadiana.

Arak'izany dia mitovy amin'ny fari-piadian'ny Fitsarana Ambony misahana ny toerana misy azy ny fari-piadian'ny tendro misahana ny ady amin'ny kolikoly. Afaka hitarina amin'ny faripiadian'ny Fitsarana Ambony hafa nefà izany raha toa mahakasika fari-piadiana mihoatra ny iray ny fandikan-dalàna manoloana.

Ny mampiavaka ny tendro misahana ny ady amin'ny kolikoly:

- Ny PAC dia rafi-pitsarana voatokana ho an'ny fanenjehana, fihainoana ary fitsarana:
 - Ireo heloka kolikoly sy mifandraika aminy (fanomezana tombondahiny, fifanolanana tombontsoa, fanararaotam-pahefana,...)
 - Ireo heloka famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampirohoroana ary koa ireo fandikan-dalàna ara-toekarena sy ara-bola mifandraika amin'izany.

- Ny fitaleovan'ny fitantanana sy ny vola ho an'ny PAC dia sahanin'ny Fitaleovan'ny Fandrindrana Nasionaly ny PAC. Io fitaleovana dia tarihin'ny Mpandrindra Nasionaly izay miantoka ny fahombiazan'ny PAC. Ny komity mpanaramaso sy mpanao fanombanana (CSE) manaramaso ny PAC dia ahitana ny Ministry ny Fitsaràna, , ny Filoha Voalohan'ny Fitsarana Tampony, ny Lehiben'ny Fampanoavana ao amin'ny Fitsarana Tampony,, ny Filohan'ny CSI, solontena iray avy amin'ny fiarahamonimpirenena misehatra amin'ny ady main'ny kolikoly, ny Tale Jeneralin'ny BIANCO ary ny Tale Jeneralin'ny SAMIFIN. Ireto roa ffarany ireto dia afaka mandray anjara amin'ny ady hevitra fa tsy mandray anjara amin'ny fanapahana Ny solontena avy amin'ny fiarahamonimpirenena no filohan'io komity io.
- Ny fomba fanaovana ny fifantenana ireo mpitsara sy mpiraki-draharaha hiasa ao amin'ny PAC

Fe-potoam-piasana:

Ny ***fe-potoam-piasan'ny*** mpandrindra nasionalin'ny PAC, ny mpitsara ary ny mpiraki-draharaha ao amin'ny PAC dia 3 taona azo havaozina indray mandeha.

Ny PAC efa natsangana sy am-perinasa :

PAC Antananarivo: Nanomboka ny volana jona 2018

PAC Mahajanga: Nanomboka ny volana oktobra 2020

5. Agence de Recouvrement des avoirs illicites(ARAI)



Ny ARAI dia mifanome tanàna amin'ny sampandrahaham-panjakana voatokana, ny sampana mpanao famotorana sy fanadihadiana ary ny rafitra iadiana amin'ny kolikoly sy ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampihorohoana mba hamipirindra hampahomby ny rafitra famerenana ny harena azo tamin'ny tsy ara-dalàna sy tsy ara-drariny.

Andraikitra :

Ny ARAI dia :

- Manataneraka ny didy fanagiazana ny harena azo tamin'ny tsy ara-dalàna sy tsy ara-drariny
- Manao ny famerenana ny harena voakasiky ny fanodikodinana fananana sy volam-panjakana
- Manao ny fandraketana an-tsoratra ny fananana nogiazana
- Mitahiry sy mitantana ny fananana nogiazana ary koa mandrakitra ny tombam-bidin'ny fananana izay mety namidy talohan'ny nivoahan'ny didy fanagiazana.

D. Ireo mpisehatra tsy miankina amin'ny fanjakana ao anatin'ny ady amin'ny kolikoly

1. ONG Tolotsoa



Misehatra eo amin'ny ady amin'ny kolikoly ny ONG Tolotsoa nanomboka tamin'ny taona 2014 ka ny tetikasa TSYCOOLKOLY no niandohan'izany. , Tanjona tamin'izay ny hanisa sy handrakitra ireo trangana kolikoly hita na niainan'ny olompirenena ao amin'ny tranokala www.tsyc coolkoly.org. Anisin'ny tanjona ihany koa ny famporisihana ny olompirenena hanombana ny ezaka ataon'ny fitondrana mahakasika ny ady amin'ny kolikoly ary koa ny ahafantaran'ny olona bebe kokoa iny rafitra iadiana amin'ny kolikoly.

Tamin'ny taona 2018, ny ONG Tolotsoa dia namorona sy namolavola ny i-TsyCoolKoly, fitaovalam-panabeazana miendrika kilalao entina manamora ny fahafantaran'ny olona ireo rafitra sy lalàna misahana ny ady amin'ny kolikoly sy ny SNLCCC 2015-2025. Ny vina niaingana dia ny hitady fomba ahafahan'ny daholobe mahazo sy mifehy ireo voambolana sy ireo hevi-dehibe manodinana ny ady amin'ny kolikoly satria ny lalàna rahateo dia mahalana no hita main'ny teny Malagasy. Arak'izany, ny lalao *iTsyCoolKoly* dia ahafahan'ny olompirenena indrindra ireo tanora:

- mahafantatra ireo fandikan-dalàna kolikoly sy mifandraika aminy enjehin'ny lalàna sy ny sazy mifanaraka amin'izany;
- mandranto kolontsain'ny fahitsiana ka afaka mamantatra sy mitoroka ny tranga kolikoly mety ho hita na hihatra eny amin'ny fiainana andavandro.

Ny ONG Tolotsoa dia efa nahazo mari-pankasitrahana iraisam-pirenena roa samihafa noho ny zava-bitany teo amin'ny ady amin'ny kolikoly. Isan'izany ny "Prix Transparency et Numérique" izay fifaninana nokarakarain'ny Ministera frantsay misahana an'i Europa sy ny Raharahambahiny niaraka tamin'ny CFI Medias sy ny Transparency International izay azon'ny ONG Tolotsoa tamin'ny taona 2017. Ny faharoa kosa dia ny "Anti Corruption Excellence International Awards" izay karakarain'ny Rule of Law and Anti Corruption Center izay nahazoan'ny ONG Tolotsoa loka tao amin'ny sokajy "Créativité et Engagement des Jeunes" tamin'ny andiany 2020.

2. Transparency International – Initiative Madagascar (TI-MG)



Transparency International – Initiative Madagascar (TI-MG) dia fikambanana malagasy niforona tamin'ny taona 2000 ka misehatra indrindra amin'ny fivoizana ny fahitsiana, ny tamberin'andraikitra ary ny fangaraharana eny amin'ny fiaraha-monina. Ny TI-MG no misolo tena ny hetsika Transparency International eto Madagasikara. Ny Transparency International moa dia miasa amina firenena mihoatra

ny 100 ka ny tanjona iraisana amin'izany dia ny hanafoana ny kolikoly sy ny vokadratsiny.

Mba hanatrarana izany tanjona izany dia mamolavola paikady enti-miasa ny TI-MG isaky ny 4 taona. Io paikady io dia iaingana hanaovana ny drafitr'asa isan-taona.

E. Ny tokony atao manoloana ny kolikoly

Ny fahanginana sy ny tsy fandraisan'andrakitra no tena mampirongatra ny kolikoly eo amin'ny fiaraha-monina. Ny fomba mahomby indrindra iadiana amin'ny kolikoly dia ny fandraisana fepetra. Na ny fitaizana ny mpiara-belona na ny fanentanana ny namana na koa ny fiantsoana ny manampahefana handray andraikitra dia samy fomba enti-manafoana ny kolikoly avokoa. Ny fitambaran'ny fandraisan'ny tsirairay no ahantsika mandresy miaraka ny kolikoly.

Arakaraky ny trangan-javatra miseho dia azon'ny tsirairay atao ny manantona avy hatrany ny BIANCO na ny mpitandro filaminana izay akaiky azy ireo mba hitoroka ny tranga kolikoly hita na nahazo azy;

FANAMARIHANA: Ny lalàna laharana 2016-020 dia manameloka ny fanaovana fitorohana tsy mitombona. Izay no maha-zava-dehibe ny fahalalana ireo karazana endrika kolikoly mety hisy sy ny fitondrana porofo sy ny antsipiriany rehetra mba hanohanana ny fitorohana.

1. BIANCO


Ny BIANCO dia manana fahefana hanao fanadihadiana ary isan'ny andraikitra sahaniny ny fanaovana fanadihadiana ireo tranga ahiahiana ho kolikoly nisy nitoroka na tsia.

Amin'ny ankapobeny dia ny fandraisana fitorohana no mampihetsika ny BIANCO ka mahatonga ny fanokafana fanadihadiana.

Misy fomba maro ahafahana manao fitorohana eny amin'ny BIANCO:

- Eo ny fametrahana fitorohana mivantane eny amin'ny sampandrahahaha mpandray izany ao amin'ny BIANCO
- Eo ny fandefasana mailaka amin'ny mailaka bianco@moov.mg na fandefasana hatatra miafina amin'ny pejy Facebook Bianco Madagascar,
- Eo ny tranokala fanaovana fitorohana "i-toroka. ": <https://doleances.bianco-mg.org>


Ny BIANCO dia omen'ny lalàna fahefana hanokatra fandihadiana na dia tsy misy ny fitorohana mialoha. Mba hanaovana izany dia manana sampandrahahara manokana izay manangona angom-baovao sy mandalina ary manao tolo-kevitra mba hanokafana fanadihadia rehefa feno ny fepetra hirosoana amin'izany.



Sary 3: Fanantonana ny BIANCO

2. PAC


Ny tendro misahana ny ady amin'ny kolikoly dia fitsarana mahefa amin'ny fenejehana ny heloka mifandraiky amin'ny kolikoly. Ny olon-drehetra dia afaka mametraka fitoriana eny amin'ny PAC. Ankoatr'izany dia azon'ny fiarahamonimpirenena izay misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara no mametraka fitoriana mivantana eny amin'ny PAC



Sary 4 Fanantonana ao amin'ny PAC

3. Fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena sy ny haino vaky jery

Tsy kely lalana ny ratsy!. Mety misy fotoana hisiana valifaty sy antsojay mihatra amin'ireo mandray anjara amin'ny ady amin'ny kolikoly. Ny fisian'ireny valifaty sy antsojay ireny dia mety hampihemotra ny olona tsy handray andraikitra. Ny haino vaky jery sy ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena dia afaka misolo vaika ny akalana ho an'ireo olona te hitoroka kanefa mety iharan'ny antsojay sy valifaty. Ny fitazona ho tsiamabaratelo ny loharanom-baovao izay ho an'ny asa fanaovan-gazety sy ny fiaravona ny vavolombelona sy ny "lanceurs d'alertes" dia fepetra entina manamora sy hiarovona ny fanaovana fitorohana.



Sary 5 : Fiantsoana ny OSC sy ny haino aman-jery

III. KARAZANA FANENTANANA SY FANDRAISAN'ANDRAIKITRy NY TANORA AO ANATIN'NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY

A. Tambazotran'ny tanora mandala ny fahamarinana sy ny fahitsiana na RHI

Anatin'ny asa fanabeazana sy fisorohana ataony, ny BIANCO dia efa an-taonany maro no nanentana sy nanabe tanora tao anatin'ny atao hoe Tambazotran'ny tanora mandala ny fahamarinana sy ny fahitsiana na RHI. Ny RHI dia ahitana vovonana maro eny anivon'ny sekoly hatramin'ny fampianarana ambony.

Tamin'ny 2010 no namoronan'ny BIANCO ny RHI izay seha-panabeazana sy fifanakallozana entina mivoy ny Fahitsiana sy ny Fahamarinana eny anivon'ny tanora sy mpianatra.

Ny Tambajotran'ny Fahitsiana sy ny Fahamarinana dia vokatry ny fahatsapana fa nihavery ny soatoavina fahamarinana sy fahitsiana ka nampirongatra fomba fanao ratsy sy tsy mendrika eo amin'ny tontolon'ny fampianarana. Anatin'nizany ohatra ny ; fangalan-tahaka, halatra,tsy fanajana ny fananana iombonana, sns.

1. Tanjona

- Fampandraisan'anjara ny mpianatra amin'ny fiadiana amin'ny fomba tsy mety;
- Fampitsiriana ny fandalana fahamarinana sy fahitsiana dieny kely;
- Fanomezana fahalalana sahaza ireo tanora mba ahatonga ho fanoitra amin'ny ady amin'ny kolikoly ;
- Fanomanana ny tanora sy ny mpianatra ho olom-pirenena vanona;
- Fitaizana ny tanora sy ny mpianatra ho ho mpisehatra mahatoky amin'ny ady amin'ny kolikoly amin'ny fampianarana azy ireo hanao andrimason'ny fiaraha-monina ho an'ny ady amin'ny kolikoly
- Famporisihana ny tanora sy mpianatra banana vina miabo amin'ny hoaviny sy fandresana lahatra azy ireo hanohana ny ady amin'ny kolikoly

2. Teny filamatra:

“Tanora mandala ny fahitsiana sy fahamarinana ankehitriny, olondehibe fitaratra (maodely) rahatrizay »

3. Soatoavina:

- Fahitsiana;
- Fahamarinana;
- Fanarahandalàna;

- Fahombiazana;
- Fangaraharana;
- Fanajana tsiambaratelo;
- Fahamendrehana;
- Famindràna mahitsy
- Tsy fiangarana.

4. Rafitra RHI

Tale	<ul style="list-style-type: none"> • Fanomezana alàlana sy fandaniana ny draftrasa • Fanaraha-maso ny asa rehetra • Fanohanana ara-teknika sy ara-bola • Fiantohana
Mpiahys	<ul style="list-style-type: none"> • Fanomezan-tanana amin'ny famolavolana ny draftrasa sy ny fanatanterahana azy) • Mpanalalana eo amin'ny Talesy ny RHI • Fanaraha-maso • Fanohanana • Tantsoroka (ara-teknika sy ara-bola • Fiantohana
Mpikambana ao amin'ny RHI	<ul style="list-style-type: none"> • Ny RHI dia tokony hanana birao ahitana filoha 1, filoha lefitra 1, mpitam-bola 1, tonia mpampakateny ary mpanolo-tsaina • Ny mpikambana ao amin'ny RHI no manatanteraka ny asa • Fiantohana

5. Adidin'ny mpikambana RHI:

- Mampiseho fitondran-tena sy ny fifehezan-tena lavorary.
- Mijoro ho fitaratra ary manalavitra ny kolikoly amin'ny endriny rehetra eny amin'ny fiaraha-monina sy ny fiainana andavanandro.
- Manaja ny sata ifampifehezana.
- Mandà ny fomba fanao manolotra fanomezana manokana ho an'ny mpampianatra na ny mpandraharahan'ny sekoly.

- Tsy hanao kolikoly amin'ny mpampianatra na ny mpandraharahan'ny sekoly mba hahazoana tombontsoa.
- Tsy hanoa afa-tsy ny asa sy ezaka
- Tsy fiandaniana
- Fanajana fotoana
 - Mandray anjara amin'ny hetsika karakarain'ny Tambajotran'ny Fahitsiana sy ny Fahamarinana ary manatanteraka ny adidy sy andraikitra nekena sy noraisina antsitrapo
- Fahaizana miara-miasa
- Mampiseho fangaraha harana
- Fanekena hiofana mba ahatanterahana antsakany sy andavany ny andraikitra nankinina
- Fampisehoana toetra sy fitondrantena tsy manaratsy endrika sy laza ny Tambajotran'ny Fahitsiana sy ny Fahamarinana.

B. Karazana asa


- Fanaovana fanentanana isaky ny kilasy na isaky ny ambaratonga;
- Fandraisam-pitenenan'ny tale rehefa misy ny hetsika atao
- Fikarakarana atrikasa ho an'ny RHI;
- Fametahana hafatrafanentanana hiady amin'ny kolikoly eny amin'ny toerana voatokana ho an'ny peta-drindrin'ny sekoly sy eny amin'ny tambajotran-tserasera
- Fikarakarana hetsika ara-panatanjahantena na ara-kolotsaina;
- Fikarakarana fitsidihana,
- Famoronana sy fanapariahaha hafatra fanairana
- ❖ Fankalazana ny andron'ny RHI sy ny andro iraisam-pirenena ho an'ny ady amin'ny kolikoly (09 Desambra)
- ❖ Fanentanana ny olona hanao fitorohana amin'ny tranokalan'ny BIANCO i-TOROKA

C. Fomba ny fananganana tetikasa

Ny tetikasa dia miainga amin'ny tsirin-kevitra hanao zavatra vaovao. Ny tetikasa dia fanatanterahana zavatra iray anaty fotoana voafetra ary voafetra manarak'izany ihany ny koa ny enti-manana hanaovana izany

Izy io dia rindran'asa maromaro atao atao miaraka anatina fotoana sy faritra voafetra ary ilana olona, teti-bola, fitaovana mba ahazoana vokatra miabo iray na maromaro.

1. Dingan'ny tetikasa




2. Famolabolana ny tetikasa

- Ny lasitra lojika dia natao mba hanamora ny famolabolana tetikasa sy ny fandalinana ny vinavina ifotorany.
- Ao anatin'ny lasitra lojika no ahitana ny fifandraisan'ny tanjona tratrrina, ny vokatra andrasana sy ny asa atao miaraka amin'ireo maridrefy napetraka. Rehefa mazava ireo dia izay no atao hoe mazava ny tetikasa katsahina atao.
- Ny lasitra lojika ny manampy ny tompon'ny tetikasa hampazava tsara ny tanjona tratrrina sy ny fepetra takiana ary ny fomba fiasana hanatanterahina azy.
- ZAVA-KENDRENA ANKAPOBENY: Io tanjona lavitr'ezaka tiana ho tratrrina
- Ny zava-kendrena ankapobeny dia maneho ny antom-pisian'ny tetikasa nany tanjona tiana tratrrina na ny vinan'ny tetikasa, ary mijery ny olona voakasika sy ny mpahazo tombontsoa amin'ny tetikasa. Matetika dia fehezanteny iray no entina mamehy ny zava-kendrana ankapobeny olona voakasika" dia ireo vondrona naantokon'olona izay ahazo vokatra mivantana sy miabo amin'ny tetikasa. Ny "mpahazo tombontsoa" dia ireo izay hisitraka ny vokatra lavitr'ezaky ny tetikasa.

- ZAVA-KENDRENA MANOKANA: Ny zava-kendrena manokana no mamaritra ny zotra tokony arahina mba anatrarana ny zava-kendrena ankapobeny.
- Ny tetikasa dia manana zava-kendrena manokana roa na telo raha be indrindra. Ireo zava-kendrena ireo dia tokony mahakasika lafin-javatra samihafa mba ahafahana manana fanoitra maromaro ho amin'ny fiovana tadiavina.
- Ny tanjona dia tsy maintsy:
- Mazava tsara sy mora azo arak'izay azo atao (toerana, olona voakasika, isa, sns)
- Azo refesina
- Azo tratrarinia
- Azo tanterahina
- Voafetra anatin'ny fotoana
- **VOKATRA ANDRASANA** : Fanoritsoritana ny ahafahana miteny fa natao ny asa ary tratra ny zava-kendrena. Tokony hazava tsara, azo refesina ary azo porofo
- ASA ATAO: ireo asa tokony hatao hanatrana ny tanjona

3. Ohatra lasitra lojika ana tetikasa



4. Ny ahafantarana fa tsara ny tetikasa iray

➤ Mitombona:

Mifanaraka amin'ny filan'ny mpahazo tombontsoa sy ny zava-misy ve ny zava-kendren'ny tetikasa? Mitombona ny tetikasa raha toa ka voamarina fa ilaina ny fanatanterahana azy

Ny mampitombona ny tetikasa dia mifandraika indrindra amin'ny famahan'ny tetikasa ny olana na filàna hita tany ampiandohana.

Fotoana roa ihany no ahafahana mahita ny fifandrifian'ny tetikasy sy ny olana vahany na ny filàna valiany: eo am-pamolavolana sy eo am-panaovana ny tombana.

➤ Tsara tantana

Tsara tantana ny tetikasa raha toa ka hita fa nampiasaina araka ny tokony ho izy ny enti-manana (olona, vola, fotoana, fitaovana). Jerena amin'izany ny fampitahana ny

taha-pahantanterahan'ny zava-kendrena sy ny fampiasana na fandaniana ny entimanana teo am-pelatanana.

Nanao fandanindaniam-poana ve sa nahavita nitsitsy?

➤ **Fiantraika lavitr'ezaka**

Eto no hamaritana fa nisy vokatra azo tsapain-tanana nivoaka tamin'ny fanatanterahana ny tetikasa. Ny fijerana ny fiantrakany dia atao marolafy: politka, toe-karena, sosialy, tontolo iainana, kolotsaina, sns. Tsy misy dinganina ny amin'izany fa raisina avokoa na tsara na ratsy, na nampoizina na tsia.

➤ **Faharetana**

Ny fijerana ny faharetany dia entina ahafantarana raha maharitra ny fiantraikan'ny tetikasa aorian'ny fahataperany. Ny famakafakana ny mety hisian'ny vokatra tsara amin'ny hetsika dia hitohy rehefa tapitra ny fanampiana avy any ivelany.

Hafiriana no faharetan'ny fiantraikan'ny tetikasa? Azo entina ampiharina any an-kafa ve?

➤ **Fahombiazana**

Ny fahombiazana dia mamaritra ny fahatanterahan'ny tanjona. Izany dia ny fampitahana ny zava-kendrena tany am-piandohana sy ny vokatra azo. Hita amin'izany ny maha zava-dehibe ny fananana tanjona mazava tsara dieny voalohany. Afaka hisintomana lesona ny famakafakana ny elanelana nisy teo amin'ny zavatra nokendrena sy ny zava-bitra.

➤ **Fifanarahana amin'ny zava-misy**

Mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana ve ny vaha olona nentin'ny tetikasa eo amin'ny lafina ara'piarahamonina, tontolo iainana, rafitra, kolontsaina, ekonomilka , sns.

Mitondra any amin'ny fanovana tadiavina ve ny vinavinan'asa.?

IV. TOVANA

1- Lasitra fanaovana drafitrasa :

Anaran'ny tetikasa	
Toerana iasana	
Faharetan'ny tetikasa	
Tanjona	Zava-kendrena ankapobeny Zava-kendrena manokana 1 Zava-kendrena manokana 2
Olona voakasika	
Mpahazo tombontsoa	
Vokatra Andrasana	Vokatra Andrasana 1 Vokatra Andrasana 2 Vokatra Andrasana n
Asa atao	Asa atao 1 Asa atao 2 Asa atao n
Enti-manana	Olona : Fitaovana : Vola :
Mpiara-miombon'antoka / mpiara-miasa	

2- Ny zavatra ilaina amin'ny fitorohana

Inona avy no endrika kolikoly hitanao na nihatra taminao?	
Fanararaotam-pahefana	Fifaninanana ara-tombontsoa
Fanodinkodinana fananana	Fakàna tombontsoa amin'ny tsy marina
Fitanilàna	Fidirana amin'ny asa vokatry ny tsolotra
Kolikoly (maharitra/miserana)	Tsindry
Fanomezana tsy ara-dalàna	Fitorohana mihoa-pampana
Tsy fampandoavana vola sy famoahana entana tsy ara-dalàna	Varotra tsy mifanaraka amin'ny kalitao
Flkikisana olona	Tsy fanaovana fanambaram-pananana
Fananan-karena tsy ara-dalàna	Famoahana ny angom-baovao
Mombamomba ny olonananao ny kolikoly (anarana, asa, adiresy, fifandraisana)	
Toerana sy daty na fe-potoana nitrangan'ny kolikoly;	
Faritra, Distrika ary/na Kaominina na fokontany	
Porofo na fanohanana ny fitorohana(taratasy, sary, horonan-tsary, na horonam-peo, vavolombelona voatonon'anarana na tsy, adiresy sy fifandraisana na hafa);	

3- Adresses et contacts utiles

 <p>Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité</p>	<p>Conseil pour la Sauvegarde de l'Intégrité – CSI</p> <p>Adresse : Villa Analamanga, près de la Banque Centrale BP 873 - Antaninarenina, Antananarivo 101 - Madagascar</p> <p>www.csi.gov.mg</p>
	
<p>BIANCO Antananarivo</p> <p>Adresse : Villa « la Piscine » Ambohibao – BP 399 – 101 Antananarivo – Madagascar</p> <p>Mail : bianco.dta@moov.mg</p> <p>Tél : 22 489 79 – 22 459 52</p> <p>www.bianco-mg.org</p>	<p>BIANCO Toliara</p> <p>Adresse : Maison Blanche Amorondriake BP : 531 - Toliara 601</p> <p>Mail : biancotoliara@gmail.com</p> <p>Tél : + 261 33 15 650 22</p> <p>www.bianco-mg.org</p>
<p>BIANCO Mahajanga</p> <p>Villa « Baobab » Mahajanga Be BP 708 – 401 Mahajanga – Madagascar</p> <p>Tél : 62 913 59</p> <p>Mail : bianco.dtmga@moov.mg</p> <p>www.bianco-mg.org</p>	<p>BIANCO Fianarantsoa</p> <p>Adresse : Tanambao Fianarantsoa -BP 1225- Fianarantsoa 301</p> <p>Tel: +261 34 27 165 55</p> <p>Mail : bianco.dts@gmail.com</p> <p>www.bianco-mg.org</p>
<p>BIANCO Antsiranana</p> <p>Terrain « La Radio » Soafeno Sans Fil BP 524 – 201 Antsiranana</p> <p>Tél : 82 929 88</p> <p>Mail : biancods@moov.mg</p> <p>www.bianco-mg.org</p>	<p>BIANCO Toamasina</p> <p>Boulevard Joffre, Rue Bir Hakeim BP 517 – 501 Toamasina – Madagascar</p> <p>Tél : 53 301 25</p> <p>Mail : biancodtt@moov.mg</p> <p>www.bianco-mg.org</p>



PAC

Pôles Anti-Corruption

Pôle Anti-Corruption Antananarivo

Adresse : Bâtiment CNAPS 67Ha, 5ème étage, Antananarivo 101

Mail : contact@dcn-pac.mg

www.dcn-pac.mg

Pôle Anti-Corruption Mahajanga

Adresse : Lot 87-N2A, Tsararano Ambony, Mahajanga 401

Mail : contact@dcn-pac.mg

www.dcn-pac.mg



SAMIFIN

HO AN'NY TOEKARENA

**SAMPANDRAHARAHA MALAGASY
IAIANA AMIN'NY FAMOTSIAMBOLA SY
NY FAMOTSIAMBOLA NY
FAMPIHOROHOROANA (SAMIFIN)**


Adresse : Lot I 102 A Lohanasy

Ambohijanaka Antananarivo 102 B. P. 710

Tél : +261 30 332 23

Mail : contact@samifin.mg

www.samifin.gov.mg



ONG TOLOTSOA

ONG TOLOTSOA

Adresse : Lot II 112 Bis Alarobia

Amboniloha Antananarivo 101

Tél : +261 34 29 392 16

Mail : contact.tolotsoa@gmail.com

www.tolotsoa.org

Ny fanontàna ity boky ity dia novatsian'ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Fampandrosoana PNUD Madagascar nandritra ny fanatanterahana ny tetikasa GOUDMADA izay vatsian'ny Tahirim-bolan'ny firenena mikambana ho fanamafisan'orina ny fahandriam-pahalemana (UN PBF). Io tetikasa io moa dia mikendry ny hanamafy ny fahatokisan'ny olompirenena ireo rafipanjakana amin'ny alalan'ny fanohanana ireo rafitra iadiana amin'ny kolikoly sy ny fampitomboana ny sehatra ifanakalozana sy ahafahana mahafantatra.

